

**Décret n° 97-1455 DU 18 décembre 1997  
portant organisation générale des activités de  
collecte des produits halieutiques d'origine  
marine**

*(J.O. n° 2513 du 22.6.98, p.1837)*

**Didim-panjakana n° 97-1455  
tamin'ny 18 desambra 1997  
anaovana ny fandaminana ankapobe mikasika  
ny asa fanangonana ny vokatry ny atirano avy  
amin'ny ranomasina (*idem*)**

**TITRE PREMIER  
DISPOSITIONS GENERALES**

**LOHATENY VOALOHANY  
FEPETRA ANKAPOBE**

**Article premier** - Le présent décret a pour objet de définir et préciser les principes et orientations fixés par l'ordonnance n° 93-022 du 4 mai 1993 portant réglementation générale de la pêche et de l'aquaculture.

**Andininy voalohany** - Ity didim-panjakana ity dia natao hamaritana sy hanoritsoritana ny fepetra sy ny sori-dàlana noferan'ny hitsivolana laharana faha 93-022 tamin'ny 4 mey 1993 anaovana ny fitsipika ankapobe mifehy ny fanjonoana sy ny fiompiana anty rano.

**Art. 2** - Les dispositions du présent décret ne concernent pas le trévang ou holothurie qui fera l'objet de textes réglementaires particuliers.

**And. 2** - Ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity dia tsy mikasika ny *trévang* na *holothurie* izay anaovana rijan-tenin-dalàna manokana.

**Art. 3** - Le Ministre chargé de la Pêche et des Ressources halieutiques est chargé d'appliquer et de compléter par voie d'arrêté les dispositions du présent décret.

**And. 3** - Ny Minisitra miandraikitra ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano no miandraikitra ny fampiharana sy mameno amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity.

**Art. 4** - Les dispositions de l'arrêté n° 4796/90 du 16 août 1990 sont et demeurent abrogées. Les détenteurs de l'autorisation délivrée dans le cadre dudit arrêté doivent régulariser leur situation selon les nouvelles dispositions du présent décret dans les six mois qui suivent sa publication.

**And. 4** - Foanana ary dia foana ny fepetra voalazan'ny didim-pitondrana laharana faha 4796/90 tamin'ny 16 aogositra 1990. Ireo izay manana fahazoan-dàlana nomena araka ny voafarit'izany didim-pitondrana izany dia tokony hanarina ny toerana misy azy araka ny fepetra vaovao voalazan'ity didim-panjakana ity ao anatin'ny enim-bolana namoahana azy.

**TITRE II  
DEFINITIONS**

**LOHATENY II  
FAMARITANA**

**Art. 5** - Au sens du présent décret, les activités de collecte comprennent l'achat à l'intérieur d'une zone de collecte et/ou la transformation et/ou la conservation et/ou le conditionnement et/ou le transport des produits halieutiques, en vue de les revendre sur le marché.

**And. 5** - Araka ny voalazan'ity didim-panjakana ity, ny asa aman-draharaha momba ny fanangonana dia ahitana ny : fividianana ao anatin'ny faritra fanangonana sy/na fanodinana sy/na ny fitehirizana sy/na ny fikojakojana sy/na ny fitaterana ny vokatry ny atirano, mba ahafahana mivarotra izany eny an-tsena.

Est appelé " zone de collecte " une circonscription administrative ayant une façade maritime et dont la limite géographique est assimilée à celles d'un Fivondronana rattaché à un Faritany donné.

Antsoina hoe " faritra fanangonana ", ny fari-piadiana ara-panjakana izay mahazo sisin-dranomasina ka ny famaritana azy ara-jeografia dia mitovy amin'ny Fivondronana miankina amin'ny Faritany iray.

Les zones de collecte correspondent aux lieux d'origine des produits collectés.

Ny faritra fanangonana dia mifanaraka amin'ny toerana nihavian'ny vokatry ny fanangonana.

Les activités de collecte n'incluent ni la pêche ou la capture directe par quelque moyen qu'il soit, ni la cueillette des espèces animales ou végétales dans le milieu aquatique.

Tsy tafiditra ao anatin'ny asa aman-draharaha momba ny fanangonana ny fanjonoana na ny fakana mivantana na amin'ny fomba inona, na ny

fiotazana ny karazana biby na zava-maniry any anaty rano.

**Art. 6** - Est appelé “ collecteur ”, toute personne physique ou morale exerçant les activités définies à l'article 5 du présent décret.

**And. 6** - Antsoina hoe “ mpanangona ”, ny vatantenan'olona na fikambanana manao ny asa aman-draharaha voafaritra ao amin'ny andininy faha-5 amin'ity didim-panjakana ity.

**Art. 7** - Est appelé “ mareyeur ” toute personne physique effectuant uniquement des opérations d'achat et de vente de produits halieutiques à l'intérieur d'une seule zone de collecte. Tout “ mareyeur ” doit posséder une carte individuelle délivrée par le chef de Service décentralisé de la pêche et de l'aquaculture et visée par les autorités administratives du lieu où se trouve sa zone de collecte.

**And. 7** - Antsoina hoe “ mpivarotra ” ny vatantenan'olona misahana fotsiny ihany ny asam-pividianana sy fivarotana ny vokatry ny atirano ao anatin'ny faritra fanangonana iray ihany. Ny “ mpivarotra ” rehetra dia tsy maintsy manana karatra isam-batan'olona nomen'ny lehiben'ny Sampan-draharaham-paritany itsinjaram-pahefana momba ny fanjonoana sy ny fiompiana anaty rao ka voamarin'ireo manampahefana ara-panjakana ao amin'ny toerana misy ny faritra fanangonanay vokatra.

**Art. 8** - Est appelé “ poissonnerie ”, tout établissement de vente au détail des produits halieutiques à l'intérieur du territoire de la République de Madagascar.

**And. 8** - Antsoina hoe “ fivarotana hazandrano ”, ny trano fivarotana antsinjarany ny vokatry ny atirano ato anatin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Art. 9** - Est appelé “ exportateur des produits halieutiques ”, toute personne physique ou morale effectuant la négoce ou la vente des produits halieutiques sur le marché extérieur. Tout “ exportateur de produits halieutiques ” doit posséder une carte individuelle délivrée par le directeur de la pêche.

**And. 9** - Antsoina hoe “ mpanondrana ny vokatry ny atirano ”, ny vatantenan'olona na fikambanana manao ny raharaham-barotra na fivarotana ny vokatry ny atirano any amin'ny tsena nay ivelany. Ny “ mpanondrana ny vokatry ny atirano ” dia tsy maintsy manana karatra isam-batan'olona nomen'ny talen'ny Fanjonoana.

### TITRE III REGIME DES AUTORISATIONS DE COLLECTE

### LOHATENY III NY SATA MIFEHY NY FANOMEZAN-DALANA HANANGOM-BOKATRA

**Art. 10** - Les activités de collecte définies à l'article 5 du présent décret doivent faire, au préalable, l'objet d'une autorisation écrite du Ministre chargé de la Pêche et des Ressources halieutiques après avis du Service décentralisé de la pêche et des ressources halieutiques et des autorités administratives de la (ou des) zone(s) de collecte concernée(s).

Il ne peut être délivré qu'une seule autorisation par personne physique ou morale par Faritany.

L'ouverture d'une “ poissonnerie ” est soumise à l'autorisation préalable du chef Service inter-régional de la pêche et des ressources halieutiques du lieu où se trouve l'établissement de vente.

**And.10** - Ny asa aman-draharaha momba ny fanangonana voalaza ao amin'ny andininy faha-5 amin'ity didim-panjakana ity dia tsy maintsy ahazoana mialoha fahazoan'dàlana mandry antsoatra avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano, rahefa nanome ny heviny ny Sampan-draharaha itsinjaram-pahefana momba ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano ary ny manampahefana ara-panjakana eo amin'ilay (na ireo) faritra fanangonana voakasika.

Fahazoan-dàlana iray ihany isam-batan'olona na isaky ny fikambanana no azo omena isaky ny Faritany.

Ny fanokafana ny “ fivarotana hazandrano ” dia aroso hakana fahazoan-dàlanamialoha any amin'ny lehiben'ny Sampan-draharaha iraisam-paritra momba ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano, eo amin'ny toerana misy ny trano fivarotana.

**Art. 11** - L'autorisation visée à l'article 10 ci-dessus doit faire l'objet de délivrance de permis

**And. 11** - Ny fanomezan-dàlana voalaza ao amin'ny andininy faha-10 etsy ambony dia tsy

de collecte précisant en particulier le nom de la personne mandatée à faire la collecte, la (ou les) espèce(s) cible(s) et une seule zone de collecte parmi celle(s) mentionnée(s) dans l'autorisation.

Toute autorisation de collecte donne droit à son titulaire à la délivrance de cinq permis de collecte au maximum. Un permis n'est valable que dans une seule zone de collecte parmi celles mentionnées dans l'autorisation. La validité du permis et des cartes est de un an renouvelable.

Toute autorisation qui n'a pas été suivie d'une délivrance de permis de collecte dans les six mois à compter de sa date de signature devient caduque.

Les modalités de délivrance et de renouvellement du permis de collecte ainsi que les cartes du "mareyeur" et "d'exportateur des produits halieutiques" sont fixés par arrêté.

**Art. 12** - L'octroi d'un permis de collecte est subordonné au paiement d'une redevance annuelle déterminée selon l'espèce cible, la zone de collecte et la catégorie des moyens matériels mis en œuvre pour la collecte.

L'exercice de l'activité de mareyeur et d'exportateur est soumis également au paiement préalable d'une redevance annuelle forfaitaire.

Le mareyeur et l'exportateur se livrant à des activités définies à l'article 5 et en dehors des activités qui leur sont autorisées sont soumis au régime des collecteurs.

Le montant et les modalités de paiement des redevances sont fixés par voie d'arrêté interministériel.

#### **TITRE IV OBLIGATIONS DU COLLECTEUR, DU MAREYEUR ET DES EXPORTATEURS DE PRODUITS HALIEUTIQUES**

**Art. 13** - Le collecteur et le mareyeur doivent, dans ses activités, assister techniquement les pêcheurs dans sa zone d'action et les aider à se ravitailler en matériels ou en produits consommables et engins de pêche.

L'exportateur des produits halieutiques doit impérativement présenter un certificat d'origine intérieure avant de pouvoir se faire délivrer un certificat d'origine pour l'exportation des produits.

maintsy fanomezana fahazoan-dàlana hanangonam-bokatra izay hanondro indrindra ny anaran'ilay olona nomem-pahefana hanao ny fanangonana ny (na ireo) karazana kendrena ho trandrahina ary ny faritra tokana anaovana ny fanangonana amin'ireo izay voalaza ao amin'ny fanomezan-dàlana.

Izay fanomezan-dàlana rehetra hanangona vokatra dia manome zo ny tompony homena fahazoan-dàlana hanagona vokatra miisa dimy farafahabetsany. Ny fanomezan-dàlana iray dia tsy manan-kery afa-tsy ao amin'ny faritra fanangonana iray ihany amin'ireo voalaza rehetra ao amin'ny fanomezan-dàlana. Manan-kery mandritra ny herintaona azo avaozina ny fahazoan-dàlana sy ny karatra.

Izay rehetra fanomezan-dàlana ka tsy nahazoana fahazoan-dàlana hanagona vokatra ao anatin'ny enim-bolana manomboka ny vaninandro nanaovana sonia azy dia foana ho azy.

Didim-pitondrana no amerana ny fombafomba fanomezana sy fanavaozana ny fanomezan-dàlana amin'ny fanangonana ary koa ny karatra maha-mpivarotra sy maha-mpanondrana ny vokatry ny atirano.

**And. 12** - Ny fanomezana fahazoan-dàlana hanangona vokatra dia miankina amin'ny fandoavana ny vola fandoa isan-taona, noferana araka ny karazana nokendrena ho trandrahina, ny faritra anangonana sy ny sokajin'ny fitaovana ampiasaina amin'ny fanangonana.

Ny fanaovana ny asan'ny mpivarotra sy ny mpanondrana dia tsy maintsy ihany koa handoavana mialoha ny vola fandoa raikitra.

Ny mpivarotra sy ny mpanondrana manao ny asa voalaza ao amin'ny andininy faha-5 ary ankoatra ny asa izay nahazoany alalana dia voafehin'ny fitsipika mifehy ny mpanangona.

Ny habetsahana sy ny fombafomba fandoavana ny vola haloa dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny minisitera.

#### **LOHATENY IV ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY NY MPANANGONA, NY MPIVAROTRA SY NY MPANONDRANA NY VOKATRY NY ATIRANO**

**And. 13** - Ny mpanangona sy ny mpivarotra, eo amin'ny asa aman-draharaha ataony dia tsy maintsy manohana ra-teknika ny mpanjona ao amin'ny faritra iasany sy manampy azy ireo amin'ny famatsiana ara-pitaovana na eo amin'ny lafiny zava-pihinana sy fitaovana fanjonoana.

Ny mpanondrana ny vokatry ny atirano dia tsy maintsy mampiseho ny taratasy manamarina ny fihavian'ny vokatra avy eto an-toerana alohan'ny ahafahany mahazo taratasy manamarim-pihaviana amin'ny fanondranana ny vokatra.

Le mareyeur ne peut pas vendre les produits qu'à l'intérieur de la zone de collecte dans laquelle il a été autorisé.

**Art. 14** - Le collecteur, le mareyeur et l'exportateur des produits halieutiques doivent en outre, observer et veiller au respect de la période de fermeture de la pêche et de collecte décidée par l'administration des pêches, des textes législatifs et réglementaires en vigueur notamment ceux en matière d'exploitation des produits halieutiques et de normes sanitaires et d'hygiène tant sur le plan national qu'international.

Ils sont tenus également de fournir à l'administration des pêches de chaque circonscription concernée, les statistiques mensuelles d'achats et de vente de produits réalisées.

**Art. 15** - L'inobservation des dispositions stipulées dans le présent décret, fera l'objet d'une lettre d'avertissement de la part du Ministre chargé de la Pêche et des Ressources halieutiques, et en cas de récidive, le Ministre procédera au retrait de l'autorisation, du permis et des cartes sans que les concernés puissent prétendre à aucun dédommagement ni remboursement des redevances.

**Art. 16** - Les infractions en matière de collecte des produits halieutiques seront constatées, poursuivies et réprimées conformément aux dispositions de la réglementation en vigueur, notamment celles prévues au titre VII de l'ordonnance n° 93-022 du 4 mai 1993 portant réglementation de la pêche et de l'aquaculture ainsi que l'arrêté interministériel n° 567/96 du 16 février 1996 instituant le Comité de contrôle des activités de pêche et d'aquaculture.

**Art. 17** - En raison de son urgence et conformément aux dispositions de l'article 4 de l'ordonnance n° 62-041 du 19 septembre 1962 relative aux dispositions générales de droit interne et de droit international privé, le présent décret entre en vigueur dès qu'il aura reçu une publicité suffisante, notamment par émission radiodiffusée ou affichage, indépendamment de son insertion au *Journal officiel* de la République.

**Art. 18** - Le Ministre de la Pêche et des

Ny mpivarotra dia tsy afaka mivarotra ny vokatra raha tsy ao anatin'ny faritra fanangonana izay nahazoany alàlana ihany.

**And. 14** - Ny mpanangona, ny mpivarotra ary ny mpanondrana ny vokatra ny atirano, dia tsy maintsy ihany koa ankoatra izany, manaja sy manao izay hanajana ny fotoana ny fotoana fikatonan'ny fanjonoana sy ny fanangonana notinapaky ny Fitondram-panjakana miandraikitra ny fanjonoana, ny rijan-tenin-dalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery, indrindra ireo izay mikasika ny fitrandrahana ny vokatra ny atirano sy ny fenitra ara-pahasalamana sy ara-pahadiovana, na eo amin'ny sehatry ny firenena izany na iraisam-pirenena.

Izy ireo ihany aza, dia tsy maintsy manome ny Fitondram-panjakana miandraikitra ny fanjonoana eo amin'ny faritra voakasika tsirairay ny antontan'isa isam-bolana momba ny fividianana sy fivarotana ny vokatra atao.

**And. 15** - Ny tsy fanarahana ny fepetra voalazan'ity didim-panjakana ity dia anaovana taratasy fampitandremana avy amin'ny Minisitry miandraikitra ny Fanjonoana sy ny Haren'ny atirano, ary raha misy fanindroazana dia hambaran'ny Minisitry ny fisintonana ny fahazoan-dàlana, ny fanomezan-dàlana sy ny karatra, ka amin'izany, ireo izay voakasika, dia tsy ho afaka hanantena onitra na famerenana ny vola fandoa.

**And. 16** - Ny fandikan-dalàna atao amin'ny fanangonana ny vokatra ny atirano dia hozahana fototra sy hoenjehina ary ho faizina araka ny fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika manan-kery indrindra izay voalaza ao amin'ny lohateny VII entin'ny hitsivolana laharana faha 93-022 tamin'ny 4 mey 1993 anaovana ny fitsipika mifehy ny Fanjonoana sy ny Fiompihana anaty rano, ary koa ny didim-pitondrana iraisan'ny minisitry laharana faha 567/96 tamin'ny 16 febroary 1996 manangana ny komity mpanaramaso ny asa aman-draharaha momba ny fanjonoana sy ny fiomiana anaty rano.

**And. 17** - Noho ny hamehana sy ny voalazan'ny fepetra ao amin'ny andininy faha-4 amin'ny hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isambatan'olona, ity didim-panjakana ity dia manan-kery raha vantany vao nampahafantarina antsakany sy andavany, indrindra amin'ny alalan'ny radio, na peta-drindrina, ankoatra ny famoahana azy ao amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika*.

**And. 18** - Ny Minisitry ny Fanjonoana sy ny

Ressources halieutiques, le Vice-Premier Ministre chargé des Finances et de l'Economie, le Vice-Premier Ministre chargé de la Décentralisation et du Budget, le Ministre du Commerce et de la Consommation, le Ministre de l'élevage, le Ministre de l'intérieur, le Ministre de la Justice, le Secrétaire d'Etat près du ministère de l'Intérieur chargé de la Sécurité publique, le Secrétaire d'Etat près du ministère des Forces armées chargé de la Gendarmerie sont chargés chacun en ce qui le concerne de l'application du présent décret qui sera enregistré et publié au *Journal officiel* de la République.

Haren'ny atirano, ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitsinjaram-pahefana sy ny Tetibola, ny Praiminisitra Lefitra miandraikitra ny Fitantanam-bola sy ny Toekarena, ny Minisitry ny Varotra sy ny Fanjifana, ny Minisitry ny Fiompiana, ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny minisiteran'ny Atitany miandraikitra ny Filaminam-bahoaka, ny Sekreteram-panjakana ao amin'ny minisiteran'ny Foloalindahy miandraikitra ny Zandarimaria, no miadidy, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao izay horaketina am-boky sy havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'*ny Repoblika.